

TORITENY - ALAHADY faha-10 TSOTRA - TAONA D



“Ry zatovo, izaho mandidy anao, mitsangàna”.

Ry kristianina havana, rehefa avy namakivaky ireo vanim-potoana lehibe nibanjinantsika tokoa ny famonjena nentin’i Kristy isika ka amin’izao Alahady izao fa indrindra amin’ny toerana izay tsy ankalazana ny Fo Masin’i Jesoa dia miditra amin’ny vanim-potoana mandavan-taona isika ka ny Alahady faha-10 androany.

Rehefa mandavan-taona tahaka izao araka ny efa nambara atsika matetika dia ny fandalinam-pinoana no atolotrin’ny Eglizy. Dia amin’ny alalan’ireo vakiteny fa indrindra ny Evanjely dia vakiteny mitohy ary toy izany koa ny vakiteny faharoa fa ny vakiteny voalohany kosa dia ny lohahevitra mifanaraka amin’ny Evanjely no atolotrin’ny Eglizy mba ho voavakintsika daholo mandritra ny taona telo (taona litorjika A, B, D) ireo soratra masina ao amin’ny baiboly. Raha manaraka isika ny tenin’Andriamanitra ao amin’ny baiboly dia sakafo mahavelona tokoa satria mahavelona ny finoantsika. Ny finoana halalinina no tany lonaka hiasan’ny fahasoavan’Andriamanitra ary izany dia isika tsirairay

Vakiteny I : 1 Mpanj. 17, 17-24

Salamo : Sal. 29

Vakiteny II : Gal. 1, 11-19

Evanjely : Lk. 7, 11-17

avy eo amin’ny Eglizy kely dia ny fianakaviana. Efa averimberintsika matetika fa ny ny fianakaviana dia tsara mandalina ny tenin’Andriamanitra izany hoe ao amin’ny Eglizy kely. Izay koa ny mahatonga ny famakiana ny tenin’Andriamanitra mandritra ny fankalazana ny Eokaristia. Fantantsika fa fizarana

lehibe amin’ny Eokaristia ny famakiana ny tenin’Andriamanitra. Latabatra anankiray manokana no anoloran’Andriamanitra amintsika ny sakafo mahavelona hamelomana ny

finoana ary ny tenin'Andriamanitra zary mofo no omen'Andriamanitra antsika amin'ny Eokaristia.

Ry kristianina havana amin'izao Alahady faha-10 mandavan-taona izao dia i kristy eo anivon'ny fiainantsika, izy ilay nankalazaintsika tamin'ny Zomà fetin'ny “Fo Masin'i Jesoa”, ny Fony eo amintsika, i Kristy ilay nandresy ny fahafatesana, ilay Fo mamelona antsika. Olona velona i Kristy mamelona sy manavotra atsika, mitondra ny famonjena izy ary maniraka atsika ho Fo mpitondra famonjena amin'ny mpiara-belona, amin'ireo manodidina atsika. Voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany (1 Mpanj. 17, 17-24) raha i Elia nanasitrana an'ilay marary mafy niantso azy dia novonjeny ary natolotr'ilay vehivavy ho an'Andriamanitra tokoa ilay zanany, izay koa no rentsika amin'ny Evanjely (Lk. 7, 11-17) : Jesoa nandeha tamin'ny tana anankiray atao hoe Naima, teny an-dàlana izy nahita olona marobe tahaka atsika izao. Miditra anaty fiainantsika mihitsy i Jesoa ary izay no mahatonga ahy mamerimberina amintsika fa ilay Jesoa nitsangan-ko velona zanak'Andriamanitra tsy mba lavitra atsika, izay ny fivavahana Kristianina, tsy manompo sanatrian'izany tromba isika ka vesarin'izay tromba izay fa manafaka ny fivavahantsika satria I JESOA EO ANIVONTSIKA MIARA-DALANA AMINTSIKA. Tao anatin'ny vahoaka marobe dia nahita an'ilay vehivavy mananontena izy, maro ny zavatra mitranga eo amin'ny fiainantsika amin'izao andro iainantsika izao fa eo anivantsika Andriamanitra, eo anivontsika i Jesoa, tsy lavitra izy ary izy no manompo atsika araka ny enontsika tamin'ny Evanjely teo “Aza mitomany” ary nilaza amin'ilay zatovo izy izany hoe amintsika koa “ Mitsangana” miala amin'ny fahafatesana ka miditra amin'ny fiainam-baovao. Izay ny vokatry ny finoana tsy tany malemy anorenam-pangady fa tany lonaka izay hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka mampitsangana atsika fa indrindra amin'izao andro sarotra izao, mampiarina sy mampitsangana ary mampijoro atsika i Jesoa. Izany tokoa ny vokatry ny finoana fa indrindra amin'izao fotoana hiainantsika ny mandavan-taona izao dia ny hiainantsika ny fandalinam-pinoana.

Ahoana ny hahafantarana ny finoana velona ?

Raha isika mijoro manambara an'izay finoana izay mampitolagaga ny olona. Izay ny nahatonga ny olona (amin'ny Evanjely) nilaza hoe Mpaminany lehibe no efa niseho eto amintsika ary Andriamanitra efa mamangy ny olony. Izay tokoa ry Kristianina havana fa indrindra isika eto amin'ny Katedraly amin'izao fankalazana ny Fo Masin'i Jesoa izao, mamangy atsika i Jesoa ary tsy vitany mamangy fa mitoetra eto anivontsika amin'ny alalan'io “chapelle” famindram-po io, afindrany amintsika ny fony. Izay no nataon'i Jesoa raha nandalo teny amin'ny lalan'ny Naima izy. Mandalo eto amin'ny lalan'ny kartie misy atsika i Jesoa amin'ny alalan'ny Eglizy fianakaviana na any ambanivolo any, mampitsangana atsika izy, manambara atsika ny tena fiainana mba tsy hirefarefa amin'ny tany isika. Ny fiainana dia ao amin'Andriamanitra, tsy manompo tromba isika raha mivavaka fa manompo an'Andriamanitra izay manala atsika amin'ny vesatra rehetra ka

amin'izay olona afaka tokoa isika tahaka an'ilay zatovo natsangan'i Jesoa. Maty amin'ny fahotana isika, maty amin'ireo fanompoana sampy isankarazany misy amin'ny fiainantsika fa i Jesoa manangana atsika ka hahafahantsika mijoro manambara ny fiainana ary hahafahantsika miombona bebe kokoa amin'Andriamanitra.

Ry Kristianina havana aoka isika, amin'izao anombohantsika ny famakivakiana ny vanim-potoana mandavan-taona ka andalinantsika ny finoantsika, hanolotra ny fontsika ho an'Andriamanitra isika ka ho vonona handalina an'izany finoantsika izany.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, lanao tokoa eo anivonay amin'ny alalan'ny Fonao masina, amin'ny alalan'ny Sakramenta masina, mamakivaky ny fiainana miaraka aminay lanao, tsy Andriamanitra lavitra lanao, Andriamanitra mahery, mamangy anay lanao, koa enga anie ho ao antranonay tokoa lanao ary indrindra amin'izao volana Jiona izao, volan'ny ankizy izay misioneran'ny famidram-po, hamangy azy ireo lanao ka ho tonga misionera tokoa izy ireo hanambara ny famindram-ponao eo anivon'ny mpiara-belona. Hanenika anay tokoa anie ny fitiavanao. Fenoy ny fitiavanao izahay ry Jesoa ary hijoro tsy hatahotra fa hanambara fa lanao tokoa ny fiainana ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson